# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Jona 2018

**29** **Zoma**
jona

**Aloka tokoa no fandehandehan'ny olona ; zava-poana tokoa no itabatabany ; mihary harena izy, nefa tsy fantany izay ho tompon'izany.** Salamo 39. 6

**Misy mihambo ho manankarena, nefa tsy manana na inona na inona ; misy kosa mody malahelo, nefa manana harena be.** Ohabolana 13. 7

### Harena ivelany sy harena anaty

Ny mitady hampiseho etŷ ivelany ho izao na izao, na hampiseho izay mety ho tsara ao amin'ny tena, dia tsy marika harena lehibe ao anaty. Maro ireo olona, mandritra ny androm-piainany, no sahiran-tsaina amin'izay mety ho fijerin'ny hafa azy ireo ; ary ny fiarahamonina mihitsy aza, indraindray, no mampirisika hanana izany toe-tsaina izany. Miezaka tokoa mantsy ny tsirairay hampiseho endrika ivelany tsara, toy ny fananan-karena na ny fahaiza-miteny. Fa ny Baiboly kosa dia manambara hoe : „Tsy mba toy ny fijerin'ny olona no fijerin'i Jehovah ; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo" (1 Samoela 16. 7).

Fa mora fantatra kosa ny olona miaina ao anaty fahantrana (andinin-Soratra Masina faharoa ery ambony). Tsy iza izany fa Jesosy Kristy. Ilay Zanak'Andriamanitra dia tonga olona, ary nanaiky hahantra teo anivon'ny mahantra. Izao no lazain'ny Baiboly momba Azy, talohan'ny hahatongavany etŷ an-tany : „Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy ; Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy ; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika" (Isaia 53. 3). Mampisaintsaina ny tsirairay anefa izany fahantrana niainany an-tsitrapo izany : „Fa na dia nanankarena aza Izy, dia tonga malahelo noho ny aminareo, mba hampanankarena anareo ny alahelony" (2 Korintiana 8. 9).

Ny fahafatesany teo amin'ny hazofijaliana no nampanankarena ireo rehetra nanaiky Azy ho Mpamonjiny. Nanomboka teo dia manana ny fiainana mandrakizay omen'Andriamanitra izy ireo, ary matoky ny hiaraka amin'Ilay Mpamonjiny, any an-danitra, any aoriana any, mba hiara-manana ny voninahiny aminy.